



AroFoitra®



Milamina ny saiko fa ho voaaro amin'ny otrikaretina ny zanako vao ho teraka; satria hosorana **AroFoitra®** ny foitrany raha vao tapaka ny tadim-poitra.

Hita eny amin'ny Tobimpahasalamana sy ny mpanentana ara-pahasalamana rehetra ny **AroFoitra®**

Afaka manome fanampim-panazavana ny mpiasan'ny fahasalamana sy ny mpanentana ara-pahasalamana.



Ahosotra ity paomady AroFoitra® ity mba hiarovana ny tadim-poitra ny zaza vao teraka amin'ny otrikaretina.



Hosorana avy hatrany ny paomady AroFoitra® raha vao tapaka ny tadim-poitra.




Alohan'ny hanosorana ny paomady AroFoitra®, dia tokony hanasa tanana tsara amin'ny rano madio sy savony, ilay olona hanao izany.



Hosorana eo amin'ny faritra vao avy notapahina sy eo am-pototry ny tadim-poitra ny paomady.



Azo hosorana paomady moramora, amin'ny rantsa-tanana madio, ny faritra manodidina ny foitra.



Tsy fonosina ny foitra avy nosorana paomady AroFoitra®, ary tandremana mba hadio sy ho maina lalandava.

Ny Chlorhexidine Working Group (CWG) dia faraha-miasan'ny fikambanana nasam-pirenena sy ny mpiambon'antoka nasionaly, izay vonona hampahafantatra ny fampiasana ny digluconate de chlorhexidine 7,1% (manome chlorhexidine mihaatra ny 4%), mba ho faravona ny tadim-poitra amin'ny alalan'ny fandresen-dihatra sy fanohanana ara-teknika. Raha te hahafala misim'ny kokoa dia tsidiro ny <http://www.healthynewbornnetwork.org/topic/chlorhexidine-umbilical-cord-care>

